

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 007

**ratifiant l'Ordonnance n° 2002 - 005 du 19 décembre 2002
portant Loi de Finances pour 2003**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté, en leur séance respective en date du 03 juillet 2003 et du 16 juillet 2003, la Loi dont la teneur suit :

Article premier .- Est ratifiée, l'Ordonnance n° 2002-005 du 19 décembre 2002 portant Loi de finances pour 2003.

Article 2 .- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 16 juillet 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

**POUR LE PRESIDENT DU SENAT
PAR AUTORISATION
LE VICE PRESIDENT**

LAHINIRIKO Jean

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI DE FINANCES 2003

EXPOSE DES MOTIFS
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2003

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2003-007

Portant Loi de Finances pour 2003

EXPOSE DES MOTIFS

Madagascar entre maintenant dans une nouvelle page de son histoire. Le peuple malgache a opté pour une société prospère et moderne reposant sur une économie compétitive, dynamique et solide.

Au cours du premier semestre de l'année 2002, le pays a traversé une période difficile suite aux différents blocages tels que les barrages et les dynamitages de ponts. Le Gouvernement n'a pas ménagé ses efforts pour sortir de la crise.

Il a manifesté sa volonté de fer pour réussir le redressement de la Nation dans tous les domaines. Le « Programme de mise en œuvre de la politique générale de l'état » a été présenté devant l'Assemblée nationale le 26 mars 2002, auquel a été combiné un « Programme de redressement du pays ». Cette volonté a été appuyée par la confiance qu'ont manifestée les partenaires techniques et financiers lors des réunions des « Amis de Madagascar » à Paris en juillet 2002.

La présente Loi de Finances 2003 confirme la ferme détermination du gouvernement pour aller encore plus loin vers l'avant, dans le sens d'un développement rapide et durable de Madagascar afin d'éradiquer la pauvreté.

L'amélioration des ressources propres des Collectivités Territoriales Décentralisées sera une des priorités. Elle sera assortie de la réactualisation des textes sur la fiscalité.

Par ailleurs, le système de contrôle, d'inspection, de suivi et d'évaluation sera intensifié pour mesurer l'impact de ces dépenses. Dans ce sens, le projet d'appui au contrôle de légalité et au Contrôle budgétaire et financier des Collectivités Territoriales Décentralisées sera poursuivi.

L'effort relatif à l'équipement des communes nécessiteuses en matière d'adduction d'eau potable et d'électrification, le développement régional à travers l'opérationnalisation des projets « Fonds d'Appui au Développement Local » et la promotion de la Coopération Décentralisée seront intensifiés.

Enfin, l'implication directe des communautés de base dans toute action de développement sera favorisée.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY
MOMBA NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
TAONA 2003**

REOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA 2003-007

**MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-
PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2003**

**FAMELABELARANA NY
ANTONANTONY**

Miditra pejy vaovao amin'ny tantarany i Madagasikara amin'izao fotoana izao. Ny Malagasy dia nisafidy ny fiarahamonina miroborobo sy manaraka ny toetrandro izay miainga avy amin'ny toekarena mahazaka fifaninanana sy mavitrika ary mafy orina.

Nandritra ny eniboldana voalohany tamin'ny taona 2002 dia nandia fotoan-tsarotra ny firenena vokat'ireo sakana maro samihafa toy ny barazy sy ny fanapoahana tetezana. Tsy nikely soroka ny Governemanta mba hivoahana tamin'izany krizy izany.

Nampiseho fahavononana tanteraka ny Governemanta mba hampaomby ny fanarenana ny firenena tamin'ny lafiny rehetra. Naroso teo anatrehan'ny Antenimierampirenena, ny faha-26 martsa 2002, ny « Fandaharanasa ho fampiharana ny politika ankapoben'ny firenena », izay narahana « Fandaharanasa ho fanarenana ny firenena ». Izany fahavononana izany dia mbola nohamafisina koa tamin'ny famerenana indray ny fahatokisan'ireo mpiray antoka ara-teknika sy ara-bola nandritra ny fivoriana ny « Sakaizan'i Madagasikara » tany Parisy ny volana jolay 2002.

Ho anatrehan'izany rehetra izany ary eo am-piandrasana ihany koa ny fihaonambe iraisam-paritany sy ny fepetra vaovao ny Didy aman-dalàna fototra hifehy ny volam-panjakana voatondron'ny andininy faha 82.3 III-n'ny Lalàmpanorenana, dia hotohizana hatrany ary hampitomboina ny vola fanomen'ny Fanjakana ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

Hitohy hatrany koa ny tetim-panohanana ny fanampiana ary fanoroan-kevitra sahanin'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny fanampiam-pahefana sy ny fampiroboroboana ny Faritany Mizakatena, ka hohatevenina aza izany eo amin'ny lafiny fampianarana sy fikarohana mpiaramiantoka mikasika ny asa fampandrosoana rehetra.

Ho raisina vaindohan-draharaha amin'izany ny fanatsarana ny loharanom-bolan'ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana, miaraka amin'ny fandravonana indray ny didy aman-dalàna rehetra momba ny hetra.

Ambonin'izany dia hatevenina ny rafim-panaraha-maso, ny fanamarinana, ny fizohiana ny tombanezakin'ny fiantraikan'ireny fandaniana ireny. Noho izany, ny tetikasam-panohanana ny fanaraha-maso ny fampiharana araka ny lalàna ny tetibola sy ny vola ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia hotohizana.

Ny ezaka mikasika ny fampitaovana ny kaominina amin'ny fampidiran-drano fisotro sy herin'aratra ny rafim-pampandrosoam-paritra amin'ny alàlan'ny « TETIKASAM-PAMPANDROSOAM-PARITRA » sy ny fampiroboroboana ny fifanampiana isam-paritra dia ho amafisina.

Farany, hamporisihina ny fampandraisana anjara mivantana ny vondrona fototra momba izay fampandrosoana rehetra mahakasika azy.

Izany no anton'ity Lalàna ity.

LOI N

PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2003

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2003-007

PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2003

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adoptée, en leur séance respective en date du 03 juillet 2003 et du 16 juillet 2003, la Loi dont la teneur suit :

I - DISPOSITIONS FISCALES

Sous réserve des dispositions de la présente Loi, la perception au profit du budget de l'Etat et ceux des Collectivités Territoriales, des contributions, droits et taxes fiscaux et douaniers, ainsi que des produits de revenus publics sera opérée en l'an 2003 conformément aux textes législatifs et réglementaires en vigueur.

ARTICLE PREMIER

Les dispositions du Code Général des Impôts sont modifiées et complétées comme suit :

LIVRE I
IMPOTS D'ETAT

PREMIERE PARTIE
IMPOTS SUR LES REVENUS ET ASSIMILES

TITRE PREMIER
IMPOT SUR LES PERSONNES MORALES

SOUS TITRE PREMIER
IMPOTS SUR LES BENEFICES DES SOCIETES (IBS)

ARTICLE 24

En raison de l'urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'Ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 portant dispositions générales de droit interne et de droit international privé, la Loi de Finances pour 2003 entrera en vigueur dès qu'elle aura reçu une publication par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 16 juillet 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE, LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

LALANA LAHARANA FAHA-2003-007

**MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-
BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY**

TAONA 2003

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA 2003-007

**MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAMBOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2003**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-03 jolay 2003 sy ny faha-16 jolay 2003, izao Lalàna manaraka izao.

I - FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy ny fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna amin'ny taona 2003.

ANDININY VOALOHANY

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra :

**BOKY VOALOHANY
HETRAM-PANJAKANA**

**FIZARANA VOALOHANY
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**

Andininy faha-23

Ankatoavina ny fandaharan'Asam-pamokaram-panjakana mandritra ny fe-potoana 2003-2006 (ampahany 2003) atovana amin'ity Lalàna ity.

Andininy faha-24

Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-4 entin'ny hitsivolana laharana faha-62.014 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ireo fepetra ankapobe momba ny lalàna iraisam-pirenen-tsamihafa amin'ny fifampitondrana ivelan'ny Fanjakana, dia manan-kery avy hatrany izao Lalàna izao raha vantany vao nampahafantarina ny be sy ny maro tamin'ny alalan'ny fampielezam-peo na tamin'ny fanaovana azy peta-drindrina, ankoatry ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-16 jolay 2003

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

ANNEXE A LA LOI N°2003-007
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2003